



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha · Tenindrazana · Fahrosohana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA  
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-120EX

**LANONAM-PAMARANANA NY FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHAN'NY  
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2021**

Fivoriana faha-5  
Natao ny  
Zoma 26 Martsa 2021  
- Atoandro -

## **FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Chrisitine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** -Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne  
-Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

**FOTOANA:** Zoma 26 Martsa 2021, tamin'ny 11 ora sy 40 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2021.

- Lakolosy -

- 1 -

**- Fitohizan'ny fivoriana -**

### **Ramatoa FILOHA**

Tompolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantrika.

Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2021 izao.

langaviana ampanajana, Ramatoa Mpitantsoratra, mba hamaky ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2021-336 tamin'ny faha 24 Martsa 2021, izay mampiato izao fotoam-pivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimierampirenena izao.

- 2 -

**- Famakiana ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana  
sy ny Didim-panjakana laharana faha-2021-336 -**

### **Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne**

Andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Mivory tsy ara-potoana araka ny lahadinika voafaritra ny Antenimierampirenena noho ny fitarihan'ny Praiminisitra, na noho ny fangatahan'ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena araka ny Didim-panjakana noraisin'ny Filohan'ny Repoblika teo amin'ny Filankevitry ny Minisitra.

Tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana; na izany aza anefa, raha vantany vao tapitra ny lahadinika izay niantsoana ny Antenimierampirenena dia faranana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana ny fivoriana.

Didim-panjakana laharana faha-2021-336:

PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE

DECRET N°2021-336

Portant clôture de la session extraordinaire du Parlement

PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE,

Vu la Constitution, notamment en ses articles 76 et 85;

Vu le décret n°2019-1407 du 19 juillet 2019 nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;

Vu le décret n°2020-070 du 29 janvier 2020, modifié et complété par les décrets n°2020-597 du 04 juin 2020 et n°2020-997 du 20 août 2020, portant nomination des membres du Gouvernement;

Vu le décret n°2021-275 du 10 mars 2021, modifié par le décret n°2021-315 du 17 mars 2021, portant convocation du Parlement en session extraordinaire;

Vu les lettres n°068-2021/SENAT/P du 25 mars 2021 et n°038-AN/P/2021 du 25 mars 2021, informant le Première Ministre, Chef du Gouvernement de l'épuisement de l'Ordre du Jour de la session extraordinaire du Parlement.

Sur proposition du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,  
En Conseil des Ministres,

DECRETE

Article Premier –la session extraordinaire du Parlement est déclarée close le 26 mars 2021.

Article 2 –en raison de l'urgence et conformément aux dispositions des articles 4 et 6 alinéa 2 de l'ordonnance n°62-042 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès sa publication par voie radiodiffusée ou télévisée, indépendamment de son insertion au journal de la République.

Article 3 -le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur et de Décentralisation et le Ministre de la Communication et de la Culture sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera enregistré et publié au Journal Officiel de la République.

Fait à Antananarivo, 24 Mars 2021

Par le Président de la République,

ANDRY RAJOELINA

Misaotra, Ramatoa Filoha.

### **Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, isaorantsika Ramatoa Mpitantsoratra tamin'ny famakiana ny andininy tao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana teo.

Arak'izay voalaza teo, feno ny fepetra ahafahana mamarana izao fotoam-pivoriana tsy arapotoanan'ny Antenimierampirenen izao.

- 3 -

### **- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**

### **Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta;

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona;

Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona;

Andriamatoa sy Ramatoa mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;

Andriamatoa sy Ramatoa Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta;

Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina;

Andriamatoa Filoha Lefitry ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy;

Andriamatoa Solotenan'ny FES monina sy miasa eto Madagasikara, «Monsieur le Représentant Résident de la Fondation Friedrich Ebert à Madagascar»;

Andriamatoa Talen'ny Kabinetran'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana;

Ianareo Mpandraharaha namana, mpiara-miombon'antoka, mpiara-miasa ato amin'ny Antenimierampirenana;

Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;

Ianareo olo-manan-kaja ambony Sivily sy Miamila izay tonga manatrika etoana araka ny laharam-boninahitrareo tsirairay avy;

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Mandrakariva dia misaotra an'Andriamanitra hatrany isika, satria avy aminy ny fitahiana rehetra sy ny fitantanana ny fotoana. Nahavita soa aman-tsara izay fotoam-pivoriana izay indray ary afa-mamarana izany amin'ity anio ity.

Faly miarahaba sy mankasitraka anareo vahiny manan-kaja manotrana etoana, manome haja sy voninahitra ity Andrimpanjakana misy anay ity.

Ankasitrahana toy izany koa isika Solombavambahoaka namana mpiara-miasa rehetra, fa nahatontosa tamim-pahavitrihana tokoa iny fotoam-pivoriana tsy arapotoana iny.

Eto dia mbola hisy fandaharam-potoana kely rehefa avy eo mialohan'ny tena hifaranan'ny fotoam-pivoariana, satria hisy ny fandraisana ireo fitaovana fanamafisam-peo vaovao avy amin'ny fiaraha-miasa amin'ny "République Fédérale d'Allemagne", izay isan'ny vokatry ny

iraka nataon'ny delegasion'ny Antenimierampirenena tany RFA tamin'ny volana Septambra 2019. Koa miangavy antsika rehetra mba haharitra hatramin'ny farany, Tompoko.

Teo amin'ny asa natao teto, ankoatry ny fankatoavana (ratification) dia anisan'ny tena nisongadina ny fahavitan'ny Solombavambahoaka nifidy izay ho solotenany eo anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Fifidiana izay natao tamin'ny fomba demokratika tanteraka, tao anatin'ny fanajana ny Lalàna, indrindra ny Lalàmpanorenana izay lalàna faratampony.

Maro ireo kandida nirotsaka nifaninana ary nanana ny maha izy azy avokoa izy ireo, na teo amin'ny lafiny fahaizan-dalàna izany na teo amin'ny lafiny traikefa. Ireny no vokatra, ka toy ny adin'ombalahin'ny mpianakavy ihany iny fifidianana iny, ka ny resy tsy akoraina ary ny naharesy tsy hobiana. Ny irariana ho an'ireo voafidy dia mba tsy hampitsanga-menatra ny Antenimierampirenena amin'ny adidy izay apetraka amin'izy ireo amin'io Andrimpanjakana tena saro-pady io.

Fifaninana masina izy iny, ka mankasitraka ireo kandida rehetra izay nisafidy ny Antenimierampirenena tamin'ny firotsahany ho fidiana. Midika mantsy izany, fa matoky ity Andrimpanjakana misy anay ity ianareo, matoa tatỳ no safidy ka manome lanja anay hatrany izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Raha eo amin'ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny kosa indray, tsy hanao teny lava aloha isika eto amin'ity indray mitoraka ity. Satria araky ny nambaran'ny Filohampirenena farany teo dia miditra amin'ny "2<sup>ème</sup> vague" isika izao amin'ny "Pandemie COVID-19" ary tena mahery vaika tokoa noho ny voalohany ity "Variant Sud-Africain" ity.

Eto dia manararaotra ny tenanay misolotena ity Andrimpanjakana ity, maneho ny fiaraham-iory amin'ny fianakaviana nanana ny namoy ny ainy momba io aretina io. Anisan'izany ny Solombavambahoaka teo aloha, Andriamatoa Gilbert RAHARIZATOVO. Mirary fionona feno ho an'ireo mana-manjo ary mirary fahasitranana haingana ho an'ireo eo andalam-pitsaboana.

Manoloana izany rehetra izany, manao antso avo izahay, andao aloha hatambatra ny hery hiadiana amin'ity areti-mandoza ity. Manana adidy lehibe amin'izany isika Solombavambahoaka, ka itondrako ny fanentanana eto mba handray anjara mavitrika amin'izao ady izao. Entano ny vahoaka amin'ny fepetra sakana rehetra, henjano ny fepetra ampiharana ny fampiasana Arovava orona.

Isaorana eto ny Filohampirenena, fa noho ny fahatsapany ny manahirana ny vahoaka dia mbola tsy nampihatra ny "Confinement" izy aloha hatreto, kanefa dia miankina amintsika vahoaka ihany ny idirana amin'izany na tsia. Miankina amin'ny fitandremana sy ny fisorohana amin'ny alalan'ny fanajana ireo fepetra ihany io. Koa raha tsy tiantsika re, Tompoko, ny hampahazo-vahana io aretina io, ka tsy hiverenana amin'izany "Confinement" izany indray dia andao mba samy hitandrina sy handray ny fepetra rehetra ny isambatan'olona.

Isaorana eto ny fitondram-panjakana efa mandinika lalina, fa tsy nandray fepetra tsy tamim-piheverana akory, momba ny fampiasana vaksiny. Misaotra ny mpanohitra sasany koa efa maneho ny heviny momba io vaksiny io, fa izay no heveriny hahasoa ny vahoaka araka ny

fahitany azy, ka tsy anomezan-tsiny azy izany. Ny maneho hevitra momba ny fiainam-pirenena sy izay fivoaran'ny zava-misy rahateo dia adidin'izy ireo tanteraka, ao anatin'ny fanajana lalàna. Mino sy manantena kosa izahay fa tsy taitra, tsy maika, kanefa tsy tara ny fitondram-panjakana momba ity resaka vaksiny ity, fa aza manahy isika vahoaka. Ny momba izany dia efa maka ny hevitr'ireo manam-pahaizana Malagasy momba ny fitsaboana ny Filohampirenena ka ho hitantsika eo ihany ny tohiny.

Mandrapian-dry izay fanapahan-kevitra izay kosa dia isaorana hatrany ny Fitondram-panjakana amin'ny fanaparahana sy fizarana maimaim-poana ny "CVO PLUS". Voka-pikarohan'ny mpikaroka manam-pahaizana Malagasy, Tompoko, izy io ary mahomby ihany araky ny toe-batan'ny olona; fa tsy voka-pikarohan'ny Filohampirenena akory na ny Antokony. Koa ho anareo izay tsy mankasitraka azy dia tsy omen-tsiny akory, aza mihinana; fa aza kiviana sy tsatsoina kosa ireo izay matoky sy mazoto hihinana ary indrindra ireo marobe efa nisitraka ny fahombiazany.

Ny resaka faharoa farany raha eo amin'ny raharaham-pirenena ihany, satria efa tsy hatao lava izy ity dia ny fankasitrahana ny Fitondram-panjakana sy ny tomponandraikitra momba ny famahana ny olan'ny vatsim-pianarana. Satria nitondra ny fitarainany tatỳ amin'ny Antenimierampirenena ireny mpianatry ny Anjerimanontolo ireny tamin'io olana io dia nasain'izy ireo ampitaina aminareo kosa anio ny fisaorana fa dia nahazo aloha izy ireo. Mankasitraka hono, Tompoko ary manantena fa ho voaloha ara-potoana sy hilamina amin'izay amin'ny sisa manaraka mba hahafahan'izy ireo mifantoka amin'ny fianarana. Efa fantatra rahateo ny fanadiovana ny lisitra nataonareo sy fanavaozana efa hirosoana amin'ny "Digitalisation", ka ny irariana dia mba ho tontosa hatramin'ny farany izany. Manomboka izao koa, raha toa ka mety sy azo atao dia ataovy mitovy ny fisitrahambatsim-pianarana isaky ny Faritany sy ny Anjerimanontolo rehetra, na eo amin'ny fotoam-pizarana izany na ny vola haloa.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Ianareo vahiny manan-kaja sy Solombavambahoaka namana mpiara-miasa rehetra. Ao koa ianareo mpanandraharaha mpiasan'ny Antenimierampirenena. Masinà soava-tsarà ianareo ho ambin'Andriamanitra tamin'izay asa vitanareo ho an'ity Firenena ity.

Ry vahoaka Malagasy, mafy ny ady, mafy ny atrehina, fa miara-mivavaka sy miara-miezaka isika, fa raha mbola hisy koa ny farany dia tsy ho foana ny fanantenana. Ohabolana 23:18

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

Araka ny efa nambarako teny aloha dia hiroso amin'ny fandraisana amin'ny fomba ofisialy ireo fitaovam-panamafisam-peo vaovao isika izao. Ny fandraisana ara-teknika dia efa vitan'ireo teknisiana momba izany. Santionany ihany no hitantsika eto anoloana, fa ny ampahany betsaka amin'izy ireo dia efa any amin'ny "Salle des séances" ao amin'ny Lapan'i Tsimbazaza.

Arak'izany, mamelà ahy ianareo hanao lahateny fohy amin'ny teny vahiny ho fanatanterahana izany.

«Monsieur le Représentant Résident de la Fondation Friedrich Ebert à Madagascar

Chers invités,

C'est avec un grand plaisir et un intérêt réaffirmé que je procède à présent à la réception officielle de cet important lot de matériels et équipements, acquis par l'Assemblée nationale grâce à la coopération de la République Fédérale d'Allemagne à travers la Fondation Friedrich Ebert.

Il s'agit d'un (01) contrôleur de pupitre TH-2288R BST pour conférence sans fil récepteur, un (01) pupitre de conférence sans fil HT-2288C BST pour le pupitre Président; quatre-vingt-douze (92) pupitres de conférences sans fil HT-2288D BST pour pupitre délégué et six (06) valises de chargement HT-2288B dont nous voyons devant nous des échantillons.

J'aimerais vous exprimer toute l'attention que j'apporte à cette contribution de valeur, destinée à la modernisation du fonctionnement de la Salle des Séances de l'Assemblée nationale, Palais de Tsimbazaza.

Monsieur le Représentant Résident,

Je voudrais rappeler à l'intention des Députés, des invités de marque et du public ici présents que la dotation de ces matériels était le fruit du déplacement de la délégation que j'avais eu l'honneur de diriger à Berlin au mois de septembre 2019 au cours duquel j'ai eu l'occasion de rencontrer les plus hautes autorités parlementaires de votre pays, notamment mon homologue, Docteur Wolfgang Schauble, Président du Bundestag ainsi que Madame Michelle Munterfering, Ministre adjointe aux Affaires Etrangères et membre du groupe parlementaire SPD au Bundestag.

Je vous serais bien reconnaissante de leur transmettre mes salutations fraternelles ainsi que les remerciements les plus sincères de l'Assemblée nationale de Madagascar.

En mettant à notre disposition ces matériels de sonorisation ultramodernes, vous venez, encore une fois d'illustrer l'exemplarité et la solidité de notre chaîne de coopération et d'amitié. Nous vous en sommes reconnaissants.

Je suis persuadée que notre coopération déjà fructueuse se fortifiera d'avantage dans les mois à venir avec vos engagements à nos côtés dans la mise en œuvre du plan Stratégique du Développement de l'Assemblée nationale.

Tout en vous réitérant mes respectueux remerciements, je puis vous assurer de l'utilisation judicieuse de ces matériels afin que des travaux de qualité puissent être prodigués à la Salle des Séances de notre Assemblée.

Je vous remercie de notre agréable attention.

**- Fifaranan'ny fivoriana****Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, vita ny fanolorana ara-pomba ofisialy ireto fitaovana ireto teto anivon'ny Antenimierampirenena.

Ambarako fa mifarana anio Zoma 26 Martsa 2021 ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2021.

Eto ampamaranana, mirary antsika ho tody soa aman-tsara any amin'ny toerana izay niaviansika tsirairay avy ary manantena fa hihaona indray isika amin'ny fotoam-pivoriana manaraka.

Mbola mirary antsika rehetra hatrany tsy ho azon'ny valan'aretina "coronavirus" izay manjaka tokoa amin'izao fotoana izao.

Samy hotahian'Andriamanitra anie isika rehetra.

Misaotra Tompokolahy;  
Mankasitraka Tompokovavy.

- Lakolosy -

Nifarana tamin'ny 12 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**